le 11/09/25
Sce PV
V
CRA n° 47
S6

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

---------------

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY**
**TAONA 2025**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-47**

**Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana:**
**- faha-005/2025 tamin'ny 18 Jona 2025 PACFC III**
**- faha-006/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 « macro-prudentielle »**
**- faha-007/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 « financement du projet de l'apprentissage à Madagascar »**
**- faha-008/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 MERG II**
**- faha-009/2025 tamin'ny 12 Jolay 2025 « Résilience Climatique »**
**- faha-010/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « Croissance inclusive-3ème phase »**
**- faha-011/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « Projet Mionjo »**
**- faha-012/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « Projet LEAD »**
**- faha-013/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « projet connecter Madagascar pour une croissance inclusive »**
**- faha-014/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « relative à l'identité des personnes physiques »**

Fivoriana faha-21
Natao ny
Alakamisy 3 Jolay 2025
- hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - MILAVONJY Andriasy Philobert
- RAHOLIJAONA Narson

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 36 ; tsy tonga: 127 voaalatsiny: 00

**FOTOANA:** Alakamisy 3 Jolay 2025, tamin'ny 5 ora sy 25 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna:
- Laharana faha-005/2025 tamin'ny 18 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-Phase III (PACFC III), conclu le 16 Mai 2025 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) ».
- Laharana faha-006/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 «sur la loi régissant le maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macroprudentielles».
- Laharana faha-007/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de transformation de l'accès et de l'apprentissage à Madagascar, conclu le 19 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ».
- Laharana faha-008/2025tamin'ny 25 Jona 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Équitable et Résiliente (MERG2) conclu le 20 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».
- Laharana faha-009/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du «Projet Régional pour la Résilience Climatique, conclu le 20 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ».
- Laharana faha-010/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au projet de transformation économique pour une croissance inclusive – 3ème phase, conclu le 16 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)."
- Laharana faha-011/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au deuxième financement additionnel au Projet Mionjo «Soutien aux moyens de subsistance résilients dans le Sud de Madagascar, conclu le 24 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)".
- Laharana faha-012/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de développement de l'Accès à l'Electricité à Moindre Coût (LEAD), conclu le 01 juillet 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

- Laharana faha-013/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet connecter Madagascar pour une croissance Inclusive, conclu le 30 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) »
- Laharana faha-014/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « relatif à l'identité des personnes physiques »

Nitohy ny Alakamisy 3 Jolay 2025, tamin'ny 5 ora sy 25 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa TOKELY Justin, Filohany no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Narson.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAHOLIJAONA Narson, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Nomarihany tamin'izany fa ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2025 tamin'ny 18 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce- Phase III (PACFC III), conclu le 16 Mai 2025 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) » no hodinihan'ny mpivory voalohany.

Rehefa izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy 30 Jona 2025 tamin'ny 8 ora, alina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Asa Vaventy nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2025 tamin'ny 18 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce - Phase III (PACFC III), conclu le 16 Mai 2025 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD). »

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1- RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2- RAKOTOARISOA Johnny

3- RABY Savatsarah Ain'Harimanga
4- RAJAOBELINA Lova Herizo
5- FIAROVANA Lovanirina Célestin
6- RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ramatoa RABY Savatsarah Ain'Harimanga no Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asa Vaventy tonga nanatrika ny fivoriana
Andriamatoa isany,

1- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
2- RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | |
|---|---|
| 1- SAMBISOLO Emile Joseph | MTP/SG |
| 2- RASAHAVELO | MEF/SG |
| 3- RAJAOFETRA Andry | MEF/DGT |
| 4- RABEMANANJARA Muryelle | MEF/DGT/DDP |
| 5- RANAIVO Andriniaina Mahery | MEF/DGT/DDP/SO |
| 6- MANDIMBISOA Heriniana | MEF/DGT/DDP/SF |
| 7- RAKOTOARIVELO Maminiaina | MEF/DGT/DDP/DBS |
| 8- RASOAMANANORO Narindra | PACFC |
| 9- RABE Antoni Roger | AR/PACFC |
| 10- RAZAFIMAHEFA Ando | PACFC/MTP |
| 11- RANDRIANARISOA M. | PACFC/MTP |
| 12- RABENANDRASANA Théophile | MEN/DGINFP |
| 13- RAONIHERIJAONA A. | MEN/DGP |
| 14- SENDRADILIFERA Elnidoni | MEN/UFP/CPE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ny Governemantan'i Madagasikara, miaraka amin'ny fanohanan'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana dia manohy ny fanavaozana ny fotodrafitrasa fitaterana (lalambe, seranan-tsambo, lalamby, sns) ho fampidirana an'i Madagasikara amin'ireo làlana ara-barotra sy koridoro maneran-tany sy manerana an'i Afrika. Ity Volavolan-dalàna ity dia mikendry ny fisian'ny fanavaozana amin'ny sehatry ny fitaterana mifantoka bebe kokoa amin'ny fidiran'i Madagasikara amin'ireo "corridors régionaux et internationaux".

Ity Tetikasa ity dia entina hanavaozana ireo fotodrafitrasa any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara izay mitoka-monina tanteraka. Anisan'izany ny fampifandraisana ny tananan'i Bevoay sy Morombe ary ny fanamboarana ny "rocade-digue de Fiherenana" mba hiarovana ny tondra-drano ao Toliara.

Tanjona amin'ity tetikasa ity ny hanafoanana tanteraka ny fitokana-monina amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara ary hanamorana ny fifanakalozana anaty sy amin'ny kaontinanta Afrikana amin'ny alalan'ny seranan-tsambon'i Toliara sy Beira.
Ahitana sokajy (composantes) miisa 4 ny Tetikasa :
- Sokajy 1: **Asa fanamboaran-dàlana:**
Izay miantoka ny fivezivezen'ny entana sy ny olona amin'ny fomba azo antoka sy mahomby ara-toekarena ao anatin'ny faritra iharan'ny Tetikasa. Ny mponina any Atsimo Andrefana sy Menabe no hahazo tombony amin'izay ;
- Sokajy 2 : **Fanamorana ny fifanakalozana ara-barotra isam-paritra** :
Izay mikendry ny fampivelarana ny fiarovana an-dranomasina sy ny fampiroboroboana ny varotra eo anivon'ny faritra ary ny fanohanana ny fanavaozana ara-teknolojia sy ara-indostria.
- Sokajy 3 : **Fanamboarana sy asa mifandray amin'izany**.
Izay miantoka ny fanamafisana ny fotodrafitrasa ifotony eny amin'ny fiaraha-monina ary fampivelarana ny fahaleovantenan'ireo mponina marefo eo an-toerana sy ny fanatsarana ny fepetra iainana ao amin'ny faritra iasan'ny Tetikasa;
- Sokajy 4 : **Fanohanana amin'ny fitantanana sy fanaraha-maso ny Tetikasa**.
Izay miantoka ny fanangonana ny loharano fampitaovana ilaina amin'ny fanaraha-maso sy fanatanterahana ireo singa telo voalaza etsy ambony.

Mahakasika ny findramam-bola indray kosa dia mitentina 165 000 000 USD na 730 293 300 000 MGA ny fampindramam-bola izay averina ao anatin'ny 50 taona ka ny 10 taona voalohany tsy amerenana zanabola.
Ny « commission d'engagement » dia 0,75% ary ny « commission de service » kosa dia 1%-n'ny vola indramina amin'ny « montant du prêt décaissé et non encore remboursé ».

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Minisiteran'ny Asa Vaventy no tomponandraikitra amin'ny Tetikasa.
Mifarana ny 30 jona 2030 ny Tetikasa.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**FANAMARIHANA**
Nanamarika ny mpivory fa tsara ny Tetikasa toy izao satria manohy sy mampivoatra izay efa natao teo aloha.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.
Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2025 tamin'ny 18 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce - Phase III (PACFC III), conclu le 16 Mai 2025 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) » ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 9 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Nanamarika kosa, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa manana fanamarihana mikasika ny tatitra ny tenany.
Ao amin'ny pejy faha-2, anarana faharoa, ampiana hoe "SG par interim" ny andraikiny.
Ao amin'ny pejy faha-2 ihany, anarana faha-4, ampiana hoe "DDP par interim" koa ny andraikiny.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra intsony dia nomen'Andriamatoa Filoha, an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

Nanambara, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa fangatahana fankatoavana findramam-bola hataon'i Madagasikara amin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana no tena votoatin'ity Volavolan-dalàna ity ary efa hiditra amin'ny andininy fahatelo i Madagasikara amin'ity tetikasa izay antsoina hoe PACFC ity.

Mitentina "165 millions de dollars" ny vola hindramina amin'izany ka 50 taona ny fotoana hamerenana azy ary ny 10 taona voalohany dia tsy mamerina renivola aloha isika.
Nambarany ihany koa fa ny "agence routière" no misahana ny fanatanterahana ity tetikasa ity. Nomarihany fa tonga manatrika izao fivoriana izao ireo teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, ka raha misy fanontaniana teknika hapetraky ny Solombavambahoaka, afaka mamaly izany izy ireo.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny famelabelarana ny antonantony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyachinthe, nanontany raha misy "taux contractuel" ity vola hindramina ity satria raha jerena ny fifanarahana, misy soratra milaza ao hoe "le remboursement se fait par la monnaie de décaissement", izany hoe amin'ny vola "dollars". Raha izay no izy, ho an'ny fanjakana Malagasy ny "risque de change" ka lasa tsy 730 Miliara Ariary intsony izany ny vola haverina. Noho izany, tokony homarihana tsara fa "taux indicatif" no ampiasaina amin'ny fifanarahana tahaka izao.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana mba hahafahany mamaly ny fanontaniana nipetraka teo.

Raha namaly izany, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nanambara fa natao Ariary ny vola tao amin'ny Volavolan-dalàna satria Malagasy avokoa isika no mivory eto ary tsy misy "taux contractuel" fa Dolara no vola hindramina ka Dolara ihany koa no vola haverina.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2025 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny Volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandinihana azy.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao, nambarany koa, fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany ; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ; tsy nisy nangataka fanemorana -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2025 tamin'ny 18 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-Phase III (PACFC III), conclu le 16 Mai 2025 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) ».

Taorian'izay, nambarany koa fa hiditra avy hatrany amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 «sur la loi régissant le maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macroprudentielles» ny mpivory.

Rehefa izany, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-2 Jolay 2025 tamin'ny 4 ora sy sasany, hariva, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2025 tamin'ny 25 jona 2025 « sur la loi régissant le maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macroprudentielles ».

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,
1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAJAOBELINA Lova Herizo
3-FIAROVANA Lovanirina Célestin
4-RAZAFIMANANTSOA Hanitra
5-RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2. RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitra
3. RAFIDIMANANA Narson

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany;

1. ANDRIAMOSA Avotriniaina
2. RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsen
3. PEPIN Michou
4. RAMILISON Nomenjanahary
5. BEFENO TODIMANANA Heacinthe
6. HANOGNONA Hervé
7. RADAFY Thierry
8. RAFIDIMANANA Desiré

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory;
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | |
|---|---|
| 1-RASAHAVELO | MEF/SGpi |
| 2-RAJAOFETRA Andry | DGT |
| 3-RANAIVOSON Seheno | SG/CSBF Banky Foibe |
| 4-RALAIMANDIMBY Haja | DRA/CSBF Banky Foibe |
| 5-RAKOTOAROMANANA H.Njaka | DOF/DGT |
| 6-RATSIMANDRESY Faly | SIF/DOF/DGT |
| 7-HARISON Philibert Brilland | SIF/DOF/DGT |
| 8-RANDRIANJANAKA Dina | SIF/DOF/DGT |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa ity Volavolan-dalàna ity dia vokatry ny fanavaozana ny lalàna tamin'ny taona 2015 taorian'ny fanombanana ny rafitra ara-bola. Natao izany mba hamahana ireo olana nipoitra tamin'ny krizy ara-bola maneran-tany tamin'ny taona 2007-2008 izay naneho fa ny fikorontanan'ny mpisehatra ara-bola iray dia mety hiteraka fahavoazana mifampiankina. Ny fomba fifehezana ny loza ateraky ny fahavoazana manokana izay mifantoka amin'ny mpisehatra tsirairay dia tsy ampy iantohana ny fahamarinan-toerana ara-bola amin'ny ankapobeny.

Noho ny fahatsapana izany filàna izany dia betsaka ireo firenena no niroso tamin'ny fametrahana rafitra mba hahafahana mitantana tsara kokoa ny loza ary tsy hisian'ny fikorontanana ara-toekarena mahery vaika.
Ny toe-draharaha eto Madagasikara dia nametraka fanamby manokana, indrindra ny fisian'ireo mpisehatra sasany izay mbola tsy iharan'ny fanaraha-maso am-pahamalinana (CNaPS, CEM, PAOMA...) ary ny tsy fahampian'ny fifandraisana akaiky eo amin'ireo mpisehatra, izay mampitombo ny mety hisian'ny krizy mifampiankina.

Noho izany, zava-dehibe ny mametraka politika momba ny fitsipi-pahamalinana amin'ny ankapobeny sy ny mameno ny rafitra ara-dalàna efa misy amin'ny fampidirana rafitra fanaraha-maso momba ny fitsipi-pahamalinana amin'ny ankapobeny izay tsy mbola misy amin'izao fotoana izao. Izany no antony nametrahan'ny Fanjakana sy ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) ity volavolan-dalàna ity.

Ny tanjon'ny Volavolan-dalàna dia ny fametrahana rafitra maharitra sy ara-dalàna ary Andrimpanjakana mba hiantohana ny fitazonana ny fahamarinan-toerana ara-bola.

Ny fitazonana ny fahamarinan-toeran'ny fanjariam-bola dia mifototra amin'ny dingana telo lehibe:
**Voalohany:** mamantatra sy manombana ny fahavoazana mety hifampiankina izay hitranga eo amin'ny rafitra ara-bola;
**Faharoa:** mandray fanapahan-kevitra amin'ny fampiharana ny fepetra momba ny fitsipi-pahamalinana amin'ny ankapobeny ho an'ny fahavoazana voafaritra;
**Fahatelo:** miantoka ny fandrindràna mba hisorohana ny tsy fifanarahana sy ny fahasamihafana eo amin'ny fitsipika.

Manampahefana roa mahaleotena no hanara-maso izany dia ny Komity Filankevitra sy Fandrindràna (C2C) ary ny Komity Mpitily ny Fahavoazana Mifampiankina (CRS).

Ny Volavolan-dalàna dia misy toko efatra (4) ary mizara ho andininy dimy amby roapolo (25), mandrakotra ny fepetra ankapobeny, ny rafitra miandraikitra ny fahamarinan-toerana ara-bola, ny sazy sy ny fitoriana azo atao ary ny fepetra samihafa sy farany.

**<u>Toko I: Fepetra Ankapobeny</u> (andininy 1 ka hatramin'ny faha-3)**: natao hametrahana rafitra mihazona ny fahamarinan-toeran'ny rafitra ara-bola eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara. Ahitana famaritana mazava ireo teny fototra mifandraika amin'ny rafitra ara-bola.
Anisan'izany ny mpisehatra eo amin'ny rafitra ara-bola, ny manam-pahefana mpanara-maso ny olana eo amin'ny rafitra ara-bola, ny fotodrafitrasa, ny fepetra famahana olana, ny politika momba ny fitsipi-pahamalinana amin'ny ankapobeny sy ny vondrona tsirairay, ny fahavoazana mety hifampiankina, ny sehatra ara-bola ary ny fahamarinan-toerana ara-bola.

**<u>Toko II: Rafitra Miandraikitra ny Fitazonana ny Fahamarinan-toeran'ny Fanjarian-bola</u> (andininy faha-4 ka hatramin'ny faha-15):** manazava amin'ny antsipiriany ny iraka, ny firafitra, ny fampandehanan-draharaha ary ny fahefan'ny C2C sy ny CRS. Faritana ihany koa ny Sekretarià maharitra hapetraka hanohanana ireo Komity roa ireo amin'ny fanatanterahana ny sahan'asany.

Ny C2C dia mandrindra ny asa rehetra mifandray amin'ny fahamarinan-toerana ara-bola, mitondra tolo-tsaina ho an'ireo mpisehatra (CRS sy ny manampahefana mpanara-maso isan-karazany), miantoka ny fandrindrana ny fampiharana ny hetsika fitantanana sy famahana ny krizy ary mampandre izay fepetra noraisina mikasika ireo vondrona tsy misy fahefana mifehy azy ireo.
Ny CRS kosa dia miandraikitra ny fanaraha-maso sy ny fampihenana ny fahavoazana mifampiankina mety hitranga rehetra.

**<u>Toko III: Sazy sy Fitoriana azo atao (andininy faha-16 ka hatramin'ny faha-20)</u>**: mametraka amin'ny famaizana ara-pitsipi-pifehezana sy famaizana ara-panamelohana.
Ny famaizana ara-pitsipi-pifehezana dia manomboka amin'ny fampitandremana tsotra ka hatramin'ny fepetra matotra toy ny fampiatoana na fanafoanana ny asa ho setrin'ny tsy fanarahana ny lalàna na ny fitsipika manan-kery.
Ny fepetra famaizana ara-panamelohana kosa dia ahitana fampidirana an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin'ny roa taona sy lamandy folo tapitrisa ariary (10 000 000 Ariary) hatramin'ny dimampolo tapitrisa ariary (50 000 000 Ariary) na fandoavana lamandy mitentina roapolo tapitrisa ariary (20 000 000 Ariary) hatramin'ny zato tapitrisa ariary (100 000 000 ariary).

Voalaza ihany koa fa ny fanapahan-kevitra noraisin'ny C2C sy ny CRS dia afaka toherina tsy hanan-kery eo anatrehan'ny fitsarana mahefa. Izany rehetra izany dia mikendry ny hanamafisana ny fanarahan-dalàna sy ny andraikitra eo anivon'ny sehatra ara-bola.

**<u>Toko IV: Fepetra Samihafa sy Farany</u> (andininy faha-21 ka hatramin'ny faha-25)**: miresaka ny anjara asan'ny manam-pahefana mpanara-mason'ny fitsipi-pahamalinan'ny vondrona tsirairay.
Hita taratra ao ihany koa ireo fepetra momba ny tsiambaratelon'ny asa aman-draharaha. Raha tsy misy manam-pahefana mpanara-maso miandraikitra ny sehatra iray ao amin'ny rafitra ara-bola dia ny C2C no manatanteraka izany.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA SY VALINY**

1- Inona no olana mety hitranga ka ahiana hiteraka « risque systémique » eto Madagasikara?
    - *Ny « concentration des portes feuilles » sy ny « concentration des groupes des bénéficiaires » no olana mety hitranga ka hiteraka « risque systémique ».*

2- Mahavita mameno ny « vide juridique » misy ve ity Volavolan-dalàna ity?
    - *Tsy ny famenoana ny « vide juridique » fotsiny no antom-pisian'ny Volavolan-dalàna fa ilaina ihany koa amin'ny lafiny fahamarinan-toerana ara-bola mba hisorohana ny « crise systémique ».*

3- Misy fepetra ve ahafahana mahazo manokatra « microfinance » amin'ny toerana iray?
    - *Ilàna fankatoavana avy amin'ny «Commission de Supervision Bancaire et Financière » (CSBF) ny fanaovana sy fananganana izany.*

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy momba ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Nasiana fanovàna ny andininy faha-5 sy faha-9 ary ny faha-15.
**Famelabelarana ny Antonantony:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy voalohany:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-2**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-3**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy faha-4**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-5**: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana**)
**Andininy faha-6**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-7**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-8**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-9**: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana**)
**Andininy faha-10**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-11**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-12**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-13**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-14**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-15**: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo tovana**)
**Andininy faha-16**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-17**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-18**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-19**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-20**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-21**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-22**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-23**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-24**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-25**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2025 tamin'ny 25 jona 2025 « sur la loi régissant le maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macroprudentielles » ary hoentina eo anatrehan'ny Fivoriambe andraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Nanambara kosa, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa manana fanamarihana vitsivitsy mikasika ny tatitra novakiana teo ny avy amin'ny Governemanta ka homena ny mpampakatenin'ny Vaomiera izany aorian'ny fivoriana mba tsy handaniam-potoana.

Rehefa izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanazavana misimisy kokoa ny antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

Nanambara, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa raha sanatria misy "crise financière" eto Madagasikara, mety tonga dia hirodana avokoa ny "système" misy eto amintsika satria mifampiankina avokoa izany.
Hanangana rafitra isika mba ahafahana manavotra ny "système". Ny ankamaroan'ny firenena maneran-tany amin'izao fotoana izao dia manangana rafitra toy ity hatsangantsika ity ihany koa. Io rafitra io no heverina fa afaka mi-"intervenir" raha sanatria misy ny krizy. Ohatra raisina akaiky amin'izany ny krizy nahazo ny OTIV tany amin'ny Faritra Boeny; maro ny olona nametraka vola tao, anisan'izany ny CNaPS. Rehefa nirodana ny OTIV tany dia nirodana niaraka taminy koa ny CNaPS sy ny olona rehetra nametraka vola tao aminy. Ity rafitra hatsangana ity no afaka mi-"intervenir" amin'ny fahavoazana izay mety hitranga tahaka izany, manajanona ny firodanana sy manavotra izay tratran'ny krizy ara-bola ihany koa.

Komity miisa roa no hapetraka handrafitra izany dia ny Komity Filankevitra sy Fandrindrana. Izany hoe, sady manome torohevitra no afaka mi-"coordonner" ireo rafitra hafa ihany koa izy io.
Ny Komity faharoa indray no mitily ny fahavoazana mifampiankina.
Ho fametrahana ireo Komity roa ireo no tena votoatin'ity Volavolan-dalàna izay angatahana ny fankatoavan'ny Solombavambahoaka ity.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitra, tamin'ny fanampim-panazavana narosony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2025 tamin'ny 25 jona 2025 ny mpivory.

Famelabelarana ny Antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny famelabelarana ny antonantony.

Andininy voalohany ka hatramin'ny Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Andininy voalohany ka hatramin'ny Andininy faha-4.

Andininy faha-5: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Andininy faha-5.

Andininy faha-6 ka hatramin'ny Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Andininy faha-6 ka hatramin'ny Andininy faha-8.

Andininy faha-9: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Andininy faha-9.

Andininy faha-10 ka hatramin'ny andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Andininy faha-10 ka hatramin'ny Andininy faha-14.

Andininy faha-15: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Andininy faha-15.

Andininy faha-16 ka hatramin'ny andininy faha-25: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Andininy faha-16 ka hatramin'ny Andininy faha-25.

Taorian'ny fandaniana isan'andininy, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2025 tamin'ny 25 Jona 2025, ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 «sur la loi régissant le maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macroprudentielles».

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de transformation de l'accès et de l'apprentissage à Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) », indray ny mpivory.

Rehefa izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra mifanandrify amin'izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-30 Jona 2025 tamin'ny 9 ora, alina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de transformation de l'accès et de l'apprentissage à Madagascar, conclu le 19 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)".

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
3-RABY Savatsarah Ain'Harimanga
4-RAJAOBELINA Lova Herizo
5-FIAROVANA Lovanirina Célestin
6-RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ramatoa RABY Savatsarah Ain'Harimanga no Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana

Tsy nisy tonga nivory ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanabeazam-pirenena.

Andriamatoa RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory;
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | |
|---|---|
| 1-SAMBISOLO Emile Joseph | MTP/SG |
| 2-RASAHAVELO | MEF/SG |
| 3-RAJAOFETRA Andry | MEF/DGT |
| 4-RABEMANANJARA Muryelle | MEF/DGT/DDP |
| 5-RANAIVO Andriniaina Mahery | MEF/DGT/DDP/SO |
| 6-MANDIMBISOA Heriniana | MEF/DGT/DDP/SF |
| 7-RAKOTOARIVELO Maminiaina | MEF/DGT/DDP/DBS |
| 8-RASOAMANANORO Narindra | PACFC |
| 9-RABE Antoni Roger | AR/PACFC |
| 10-RAZAFIMAHEFA Ando | PACFC/MTP |
| 11-RANDRIANARISOA M. | PACFC/MTP |
| 12-RABENANDRASANA Théophile | MEN/DGINFP |
| 13-RAONIHERIJAONA A. | MEN/DGP |
| 14-SENDRADILIFERA Elnidoni | MEN/UFP/CPE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Izao fifanarahana izao dia entina hampitomboana ny tahan'ny fahavitana fianarana sy ny fanatsarana ireo vokatra azo avy amin'ny fampianarana eny amin'ny Ambaratonga Voalohany.

Dingana telo no lalovana mba hanatratrarana izany tanjona izany:

- Ny fanatsarana ny kalitaon'ny Fampianarana sy ny fitantanana ireo mpampianatra ;
- Ny fanamboarana sy ny fanatsarana ireo fotodrafitrasa mahakasika ny Fampianarana sy ny tontolo mifandraika amin'izany;
- Ny fanamafisana ny fahaiza-mitantana eo amin'ny tontolon'ny Fampianarana.

Araka izany dia novatsian'ny "Association Internationale de Développement" (IDA) vola mitentina 185,388 tapitrisa USD ny Governemanta Malagasy ka ny 150 tapitrisa USD dia avy amin'ny IDA ary ny 35,388 tapitrisa USD dia fanomezana avy amin'ny "Partenariat Mondial pour l'Education" entina hamatsiana ny Tetikasa mampivoatra ny Fampianarana eto Madagasikara.

Ahitana singa na "composantes" miisa dimy ny Tetikasa ka ny telo amin'izany no tena manan-danja:

- "Composante 1": fanamafisana ny anjara asan'ny mpampianatra amin'ny fanatsarana ny sehatry ny fampianarana sy hanamafisana fanamarinam-pototra ny asan'izy ireo ary ny fanomezana karama sahaza sy ny fametrahana "assurance santé". Hatsaraina ihany koa ny fanomezana fampiofanana ho an'ireo mpampianatra, ireo talen-tsekoly ary fanomezana fiofanana ampitain-davitra;

- "Composante 2": fanatsarana ny tontolon'ny fampianarana ho an'ny tombontsoan'ny mpianatra sy fanavaozana ireo sekoly voafantina mba hanomezana azy ireo fotodrafitrasa maharitra amin'ny rivodoza. Tafiditra amin'izany koa ny fanomezana tohana ara-pitaovana ho an'ireo any amin'ny Ambaratonga Fototra (préscolaire) amin'ireo faritra izay voakasiky ny Tetikasa. Manaraka izay dia hisy ihany koa ny fananganana toeram-pisakafoanana izay tarihin'ireo Vondrom-bahoaka eny ifotony eny amin'ireo toerana iharan'ny tsy fanjarian-tsakafo. Hisy ny fampiofanana mifandraika amin'izany.

- "Composante 3": fanamafisana fahaiza-manao mba hisy ny fiovana maharitra (reforme sectorielle durable) eny anivon'ireo sehatra ara-pampianarana. Eo ihany koa ny fanatsarana ny sehatry ny fitahirizana antontan-kevitra "système de données et d'informations" ary ny fanatsarana ny fahaiza-manao eny anivon'ny foibe sy ireo fitsinjaram-pahefana isan-tsokajiny izay misahana ny fanabeazana.

Eo ihany koa ny singa roa farany izay ahitana ny:

- "Composante 4": fitantanana ny Tetikasa;

- "Composante 5": "intervention d'urgence conditionnelle".

Averina ao anatin'ny 50 taona ny vola indramina izay mitentina 150 Tapitrisa USD ka ny 10 taona voalohany tsy amerenana zana-bola.
Ny « commission d'engagement » dia 0,5%.
Ny Minisiteran'ny Fampianarana no misahana ny Tetikasa.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**FANAMARIHANA**

1- Be loatra ireo ankizy miala an-daharana eny an-tsekoly noho ny fanambadiana sy firaisana ara-nofo aloha loatra any amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana ka tokony hatao "projet pilote" amin'io Tetikasa izany Faritra izany mba hoentina hanarenana izany;
2- Tokony ho ireo fotodrafitrasa efa misy no hezahana hamafisina sy havaozina mialohan'ireo fananganana vaovao;
3- Tokony hampidirina isan'ireo mpanara-maso ny fanatanterahana ny Tetikasa ireo Solombavambahoaka.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA SY VALINY**

**1- Efa fantatra ve ireo Distrika hisitraka ny Tetikasa?**

- Distrika miisa 64 no hisitraka ny Tetikasa. Hatao laharam-pahamehana kosa ny fanarenana ireo fotodrafitrasa simba amin'ireo Faritra niharan'ny rivodoza matetika tao anatin'ny dimy taona.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de transformation de l'accès et de l'apprentissage à Madagascar, conclu le 19 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)" ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Nanambara kosa, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa manana fanamarihana vitsivitsy mikasika ny tatitra ny tenany ka homeny an'Andriamatoa mpampakatenin'ny Vaomiera izany aorian'ny fivoriana.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanazava misimisy kokoa momba ity Volavolan-dalàna ity izay hodinihana ity.

Nambaran-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa findramam-bola avy tamin'ny Banky Iraisam-pirenena hoentina hanatsarana ny sehatry ny fampianarana eto Madagasikara no votoatin'ity Volavolan-dalàna izay angatahana fankatoavana avy amin'ny Solombavambahoaka ity. Izany hoe, hanamboarana ny "condition de travail"-n'ireo mpampianatra sy hanamboarana sekoly ary hividianana karazana "kit d'apprentissage" ilain'ny ankizy any ampianarana.

Mitentina "150 millions de dollars" ny vola hindramina amin'izany fa ny totalin'ny tetikasa no mitentina "185 388 000 de dollars". Ny "35 388 000 de dollars" dia "don" na fanomezana ka rehefa miala izany dia "150 millions de dollars" ambiny no hindramina amin'ny mpamatsy vola.
Marihana fa haharitra hatramin'ny 30 Jona 2029 no ahafahana mampiasa ity vola hindramina ity.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka nangataka izany.

Nanambara Andriamatoa RANARIVELO Lucien raha nomena fitenenana, fa tsy hita tao amin'ny tovan'ny tatitra novakiana ny lisitr'ireo Distrika tokony hisitraka ny tetikasa ka nangataka ny hanomezana izany ny tenany.
Nanontaniany koa ny momba ny fandrafetana ny "comité de pilotage" satria tsy mazava tsara izany.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny Solombavambahoaka, nomen'Andriamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana mba ahafahany mamaly ny fanontaniana napetraka teo.

Nanambara, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa tsy misy Distrika hadino eto Madagasikara saingy misy fandaminana amin'ny fanatanterahana ny tetikasa.

Ramatoa RASAHAVELO, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, kosa nanambara fa ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena no mandrafitra ny "comité de pilotage" ka rehefa vita ny fandrafetana vao fantatra ny Distrika hisitraka ny tetikasa.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity Volavolan-dalàna ity ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandinihana azy.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao, nomarihan'Andriamatoa Filoha, fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nangataka fanemorana -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de transformation de l'accès et de l'apprentissage à Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ».

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Équitable et Résiliente (MERG2) conclu le 20 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» ny mpivory.

Taorian'izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy 30 Jona 2025, tamin'ny 10 ora, alina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente (MERG2) conclu le 20 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ».

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
3-RABY Savatsarah Ain'Harimanga
4-RAJAOBELINA Lova Herizo
5-FIAROVANA Lovanirina Célestin
6-RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ramatoa RABY Savatsarah Ain'Harimanga no Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana

Andriamatoa RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory;
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | |
|---|---|
| 1-RAJAOFETRA Andry | MEF/DGT |
| 2-RABEMANANJARA Muryelle | MEF/DGT/DDP |
| 3-RANAIVO Andriniaina Mahery | MEF/DGT/DDP/SO |
| 4-MANDIMBISOA Heriniana | MEF/DGT/DDP/SF |
| 5-RAKOTOARIVELO Maminiaina | MEF/DGT/DDP/DBS |
| 6-RASOAMANANORO Narindra | PACFC |
| 7-RABE Antoni Roger | PACFC/AR |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa izao findramam-bola izay mitotaly 100 tapitrisa USD avy amin'ny IDA (Banky Iraisam-pirenena) izao dia hanampiana ny kitapom-bolam-panjakana mba hanatratrarana ny fampitomboana ny harinkarena faobe ka hitarika ny fampihenana ny fahantrana manerana ny nosy.

Izany ihany koa no natao mba hanamafisana ny fitantanana ara-bolam-panjakana sy entina hanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana indrindra fa amin'ny sehatry ny angovo, ny fifandraisana ara-niomerika ary ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

Mitsinjara ho roa lehibe ny findramam-bola :

Ny "**crédit A**":

- Vola indramina : 40 tapitrisa USD
- Fotoana fandoavana : 50 taona ka ny 10 taona voalohany tsy amerenana zana-bola.
- « Commission engagement » : 0,5%.

Ny "**crédit B**":

- Vola indramina : 60 tapitrisa USD
- Fotoana fandoavana : 12 taona ka ny 6 taona voalohany tsy amerenana zanabola.
- « Commission engagement » : 0,5%.

Rehefa izany dia nisy ny fanamarihana mpivory

**FANAMARIHANA**

Mba hanamora ny famakiana ny Volavolan-dalàna dia tsara raha velabelarina kokoa ny lohahevitra avoitra ato anaty rijan-tenin-dalàna.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2025 tamin'ny 25 jona 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente (MERG2) conclu le 20 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) » ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Nanamarika, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa manana fanamarihana mikasika ny tatitra ny tenany ka homena ny mpampakatenin'ny Vaomiera izany aorian'ny fivoriana.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra intsony ny mpivory, nomen'Andriamatoa Filoha an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nanambara Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa fangatahana fankatoavana findramam-bola hatao amin'ny Banky Iraisam-pirenena izay mitentina 100 Tapitrisa Dolara Amerikana no anton'ny Volavolan-dalàna.
Ny mahasamihafa azy amin'ireo lalàna rehetra entina eto androany, tsy misy «projet» manokana raiketiny no hampiasana ny vola hindramina fa «appui budgétaire». Izany hoe, entina hanampiana ny kitapom-bolam-panjakana ny vola. Hirotsaka ao anaty kitapom-bolam-panjakana ny vola hosamborina mba hampitomboana ny harinkarena faobe.

Rehefa mijery ny tatitra nivoaka tao amin'ny Filankevi-pitantanan'ny Banky Iraisam-pirenena tamin'ity taona ity isika, nambarany fa tokony entina hanampiana ny fitondram-panjakana Malagasy ny vola mba hanatsarana ny tontolon'ny toekarena eto Madagasikara. Hanatsara ihany koa ny fampiasam-bola sy ny fandraharahana ary hampiroboroboana ny asa na ny «création d'emploi» eto Madagasikara.
Tsy ho tratra ny tanjona raha mbola manana olana eo amin'ny lafin'ny angovo i Madagasikara, ka anisan'ny toromarika entina hampiasana ny vola koa ny sehatry ny angovo.

Marihana fa efa misoratra ao anaty tetibola natokana hanamboarana sy handoavana ny vola amin'ny tetikasa «parc solaire» ny vola. Tafiditra ao amin'ny «serie de 3» ny vola indramina ka ny iray efa azo tamin'ny herin-taona, ny faharoa kosa ho azo amin'ity taona ity. Ny fanahetlo farany mbola hokarakaraina ny fahazoana azy amin'ny taona manaraka.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny famelabelarana nataony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana, ka niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 ny mpivory.

Nomarihan'Andriamatoa Filoha, fa ahitana andininy miisa roa ny Volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandinihana azy.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao, nomarihany ihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nandany ; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny, tsy nisy nangataka fanemorana -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2025 tamin'ny 25 Jona 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement

de l'Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Équitable et Résiliente (MERG2) conclu le 20 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association International de Développement (IDA)».

Taorian'izay, niditra avy hatrany tamin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-009 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Régional pour la Résilience Climatique, conclu le 20 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Rehefa izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany, mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany hatrany, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy 3 Jolay 2025, tamin'ny 2 ora, atoandro, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2025 tamin'ny 02 jolay 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Régional pour la Résilience Climatique, conclu le 20 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ».

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina Lobo
3-RAJAOBELINA Lova Herizo
4-FIAROVANA Lovanirina Célestin
5-RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Làlana tonga nanatrika ny fivoriana.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-ANDRIANIRINANarcis
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitra Lobo
3-RAZANAMANDIMBISOA Tantely

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1- RAFIDIMANANA Désiré
2- RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien
3- RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène

4- RANDRIANASOLONIAIKO Siteny
5- MARINDRY Andry
6- RAMANANARIVO Handry Orlando
7- RADAFY Thierry
8- RANDRIAMALALA Thony

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory.
Ramatoa sy Andriamatoa isany

| | | |
|---|---|---|
| 1- | RASATARIMANANA José Nirina | RO/PIC |
| 2- | RANDRIAMANJARA Sandrina | SG/MDAT |
| 3- | RASAHAVELO | MEF/SG p.i |
| 4- | RASOLONJATOVO Thierry | DirCab/MTP |
| 5- | SAMBISOLO Emile Joseph | SG/MTP |
| 6- | RASOLONJATOVO Stéphan | RI/CPGU/Primature |
| 7- | RATSIMANDRESY Vladimir | RI Adjoint/MIONJO |
| 8- | RASOLARIJAON Ruffin | RAF/CPEV/PRRC |
| 9- | RAKOTOZAFY Xavier | Coordo/Jirama |
| 10- | IHARIMALALA Nina | RGRE/CPGU |
| 11- | ANDRIAMAHATRATRA Ando | CSPTND/MDAT |
| 12- | RAMASIMBIMALAZA Olivier José | DST/MDAT |
| 13- | RAZAFINDRABE Haingo Mbolasoa | MEF/DGT/DDT |
| 14- | RAVOLOLONIRINA Monjaniaina | RH/PIC |
| 15- | RABENJAMINA Arnaud | RI/PIC |
| 16- | RAFALISON Tovohery Marcellino | SBDTM/MDAT |
| 17- | RAKOTOARISOA Voahary | SACDT/MDAT |
| 18- | RAMANANDAFY Lova | ING/PCMCI/MTP |
| 19- | TSARANIRINA Marc | PCMC/MTP |
| 20- | RASAMIMANANTSOA Olivia | MEH/DAF |
| 21- | RAZAZANO Hery | CPGLS/PRRC |
| 22- | RAKOTOARIVELO Toavina | CPGU/PRRC |
| 23- | ANDRIAMIHARINJAKA Jasy | TECH/PCMCI/MTP |
| 24- | RATOVO Andriakajasoa Eric | LEAD/MEH |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nanambara ny teknisiana fa izao Volavolan-dalàna izao dia mahakasika findramam-bola izay nahompana hanarenana ireo fotodrafitrasa any amin'ny Faritra Atsimo sy any amin'ny Faritra Atsinanana. Marolafy ny sehatra voakasik'izany ka anisany ny sehatry ny rano amin'ny alàlan'ny fanaovana tohadrano, fitehirizan-drano ao Mahaly ho an'olona maherin'ny 500 000 ary ny fanaovana tatatra manondraka velaran-tany 16 000 ha.
Misy ihany koa ny fanaovana "centrale hydroeléctrique" izay hamatsy herinaratra ny faritra.

Marihana fa "financement additionnel" izao findramam-bola izao ka ahitana ny asa rehetra hatao eo amin'ny Sampana HAVELO-MANDRARE.

Mikendry ny hiatrehana ny vokadratsin'ny fiovaovan'ny toetr'andro atỳ amin'ny faritra Afrika Atsimo sy Afrika Atsinanana no anton'ny tetikasa.

Ahitana singa miisa 4 na « composante 4» ny tetikasa :

- « Composante 1: Gestion des risques et financements climatiques »
- « Composante 2: Investissements dans les infrastructure et gestion durable des actifs pour la résilience climatique ».
- « Composante 3: Service d'adaptation au changement climatique pour la résilience des communautés ».
- « Composante 4: Gestion du projet ».

Ny "Association Internationale de Développement" (IDA) no mampindrana ny vola.
Mitentina 100 Tapitrisa Dolara Amerikana ny vola indramina ka averina ao anatin'ny 50 taona ary ny 10 voalohany dia tsy andoavana renivola.

Ny « Commission d'engagement » dia 0.5 %.

Ny « Cellule de Prévention et Gestion des Urgences » (CPGU) no miandraikitra ny tetikasa.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2025 tamin'ny 2 jolay 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Régional pour la Résilience Climatique, conclu le 20 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) » ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant, nanitsy ny voasoratra ao amin'ny pejy voalohany ny tenany. Tokony ho ao amin'ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana ny anarany fa tsy any amin'ny Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory.

Taorian'izay, nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha misy fanamarihana tiany hatao.

Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nandray fitenenana ary nambarany fa misy fanamariahana vitsivitsy mikasika ny tatitra, fa homena ny Mpampakatenin'ny Vaomiera izany aorian'ny fivoriana raha eken'ny besinimaro.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra intsony ny mpivory, nomen'Andriamatoa Filoha an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nambarany fa fangatahana fankatoavana amin'ny findramam-bola atao amin'ny Banky Iraisam-pirenena (IDA), izay mitentina 100 Tapitrisa Dolara Amerikana no votoatin'ity Volavolan-dalàna ity.

Famatsiam-bola fanampiny amin'ny tetikasa na «Projet Régional pour la Résilience Climatique» izy ity.

Raha ny fe-potoana hamerenana ny vola dia 50 taona ka ny 10 taona voalohany amin'izany, araka ny voalazan'ny tatitra teo, tsy amerenana renivola.

Ny «Cellule de Prévention et Gestion des Urgences» na ny « CPGU » eo anivon'ny Primatiora no miandraikitra ny fampiasana ny vola. Marihana fa misy Minisitera miisa 10 voakasiky ny tetikasa. Raha tsy hitanisa vitsivitsy ny tenanay dia ao ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisiteran'ny Rano, ny Minisiteran'ny «Décentralisation et Aménagement du Territoire», ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, ny Minisiteran'ny «Transport et de la Météorologie», ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovain-jafy ary ny Minisiteran'ny «Energie et de l'Hydrocarbure» sns…

Mikasika ny rafi-panjakana afaka mampiasa ny vola indramina ankoatran'ny CPGU, hita ao koa ny BNGRC, ny FID, ny JIRAMA, ny DGM, ny APIPA ary ny «Agence Routière».

Ahitana «Composante» miisa 4 ny fampiasana ny vola ka anisan'izany ny asa rehetra hatao any amin'ny sampana Havelo-Mandrare.

Efa eo andalam-pikarakarana ny taratasy rehetra ilaina amin'ny asa hatao amin'ny sampana Havelo-Mandrare amin'izao fotoana izao. Hatao ny «dossier d'appel d'offres», ny «document d'études environnementaux» rehetra. Hisy fanomezana «indemnisation» ho an'ireo olona voakasiky ny tetikasa ary hisy koa fanamboaran-dàlana na antsoina hoe «route d'accès» mba ahafahana mankany amin'ny sampana Havelo-Mandrare. Hamboarina amin'izany ny làlana RN13 izay mirefy eo amin'ny 82,75km. Hisy fanavaozana hatao amin'ny «piste» ao Amboasary, Andabolava, Tsivory ary hisy fanaovana «contrôle et surveillance» momba ny asa rehetra hatao manodidina ny tetikasa.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-009 tamin'ny 2 Jolay 2025 ny mpivory.

Nomarihany fa amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao, araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihina ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nomarihany ihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany ; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ; tsy nisy nangataka fanemorana -

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-009 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du «Projet Régional pour la Résilience Climatique, conclu le 20 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au projet de transformation économique pour une croissance inclusive-3ème phase, conclu le 16 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» ny mpivory.

Taorian'izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera Andriamatoa Filoha, hamaky ny tatitra momba izany.

Mbola Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy 3 Jolay 2025, tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au projet de transformation économique pour une croissance inclusive-3ème phase, conclu le 16 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)."

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina Lobo
3-RAJAOBELINA Lova Herizo
4-FIAROVANA Lovanirina Célestin
5-RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Làlana tonga nanatrika ny fivoriana.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1- ANDRIANIRINANarcis
2- RAZAFIMANANTSOA Hanitra Lobo
3- RAZANAMANDIMBISOA Tantely

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAFIDIMANANA Désiré
2-RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien
3-RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
4-RANDRIANASOLONIAIKO Siteny
5-MARINDRY Andry
6-RAMANANARIVO Handry Orlando
7-RADAFY Thierry
8-RANDRIAMALALA Thony

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | |
|---|---|
| 1-RASATARIMANANA José Nirina | RO/PIC |
| 2-RANDRIAMANJARA Sandrina | SG/MDAT |
| 3-RASAHAVELO | MEF/SG p.i |
| 4-RASOLONJATOVO Thierry | DirCab/MTP |
| 5-SAMBISOLO Emile Joseph | SG/MTP |
| 6-RASOLONJATOVO Stéphan | RI/CPGU/Primature |
| 7-RATSIMANDRESY Vladimir | RI Adjoint/MIONJO |
| 8-RASOLARIJAON Ruffin | RAF/CPEV/PRRC |
| 9-RAKOTOZAFY Xavier | Coordo/Jirama |
| 10-IHARIMALALA Nina | RGRE/CPGU |
| 11-ANDRIAMAHATRATRA Ando | CSPTND/MDAT |
| 12-RAMASIMBIMALAZA Olivier José | DST/MDAT |
| 13-RAZAFINDRABE Haingo Mbolasoa | MEF/DGT/DDT |
| 14-RAVOLOLONIRINA Monjaniaina | RH/PIC |
| 15-RABENJAMINA Arnaud | RI/PIC |
| 16-RAFALISON Tovohery Marcellino | SBDTM/MDAT |
| 17-RAKOTOARISOA Voahary | SACDT/MDAT |
| 18-RAMANANDAFY Lova | ING/PCMCI/MTP |
| 19-TSARANIRINA Marc | PCMC/MTP |
| 20-RASAMIMANANTSOA Olivia | MEH/DAF |
| 21-RAZAZANO Hery | CPGLS/PRRC |
| 22-RAKOTOARIVELO Toavina | CPGU/PRRC |
| 23-ANDRIAMIHARINJAKA Jasy | TECH/PCMCI/MTP |
| 24-RATOVO Andriakajasoa Eric | LEAD/MEH |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nanambaran'ny teknisiana fa izao Volavolan-dalàna izao dia mahakasika findramam-bola izay entina hampiroborobo ny lafiny ara-ekonomika amin'ny alàlan'ny fanamorana fampiasam-bola tsy miankina, fanatsarana ny tontonlon'ny fandraharahana ary fampirisihana ny fampitomboan'ireo orinasa madinika sy salantsalany eo amin'ny sehatra stratejika toy ny fizahantany, fambolena ary ny « économie numérique ».

Ahitana singa miisa 4 ny tetikasa:
- Singa voalohany**:** fisarihana sy fitazonana ireo famatsiam-bola amin'ny sehatra tsy miankina,
- Singa faha-2: fanalana ireo sakana goavana amin'ny famatsiam-bola eo amin'ny sehatra tsy miankina,
- Singa faha-3: fanohanana ny fampivoaran'ireo orinasa madinika sy salantsalany
- Singa faha-4: fitantanana ny tetikasa

Mitentina 71 Tapitrisa Dolara Amerikana ny Tetikasa na 321 088 980 000 MGA ka mitsinjara toy izao manaraka izao :
- Ny « Crédit A » dia mitentina 51 Tapitrisa Dolara Amerikana na 90 447 600 000 MGA. Averina ao anatin'ny 12 taona, ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny « Commission d'engagement » dia 0.05%.
- Ny « Crédit B » dia mitentina 20 Tapitrisa Dolara Amerikana na 90 447 600 000 MGA. Averina ao anatin'ny 50 taona, ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny « Commission d'engagement » dia 0.05%.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2025 tamin'ny 2 jolay 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au projet de transformation économique pour une croissance inclusive-3ème phase, conclu le 16 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)" ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Ho an'ny solotenan'ny Governemanta kosa, nanamabara Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa misy tokoa fanitsiana tiana hatao kanefa araka efa voalaza tany aloha, homena ny mpampakatenin'ny Vaomiera izany aorian'ny fivoriana raha mety.
Namaly Andriamatoa Filoha, fa azo atao tsara izany.

Taorian'izay, nomena an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nambarany fa fankatoavana ny vola nindramina azo avy tamin'ny Banky Iraisam-pirenena hoentina hanampiana ny vola ampiasaina amin'ny tetikasa PIC3 no votoatin'ny Volavolan-dalàna.

Tsy asa vaovao no hotanterahina amin'ny vola indramina, fa asa efa nihantona tamin'ny PIC3 noho izao antony manaraka izao: raha nahazo 150 Tapitrisa Dolara isika tamin'ny PIC3 tany ampiandohana, nisy «restructuration» nifanarahana tamin'ny Banky Iraisam-pirenena.
Nakisaka tamin'ireto zavatra manaraka ireto aloha ny volan'ny PIC3 teo ampanatanterahana ny asa. Ny vola 25 Tapitrisa Dolara nomena ho fanampiana ny orinasa «Madagascar Airlines»; ny 20 Tapitrisa Dolara, narotsaka tao amin'ny «aide budgétaire» araka ny nambara tany aloha. Ny 10 Tapitrisa Dolara kosa nanampiana tamin'ny famitana ny asa tamin'ny tetikasa PIC2 izay mbola tsy vitantsika. Ny 13 Tapitrisa Dolara dia «perte de change» tamin'ny fotoana namadihana ny vola ho vola Malagasy ary ny 3 Tapitrisa Dolara kosa hanatanterahana ny tetikasa «inclusion financière» izay tetikasa novatsian'ny Banky Iraisam-pirenena teo aloha ihany koa. Raha atambatra ny vola rehetra nakisaka dia mitotaly 71 Tapitrisa Dolara araka ny tatitra teo. Mbola io vola 71 Tapitrisa Dolara io ihany no naverin'ny Banky Iraisam-pirenena tao anaty kitapom-bolan'ny PIC3 mba hoentiny hamaranana ny asa efa natomboka.

Marihana fa ny ankamaroan'ny asa hotanterahina hampiasana an'io vola 71 Tapitrisa Dolara io dia asa efa natomboka tamin'ny PIC3 izay nihantona fa ho faranana amin'ny alàlan'io fampindram-bola io. Araka ny voalaza teo aloha, misy ny asa efa nanaovana tolobidy, ao ny mbola andalam-panaovana izany, saingy ny ankamaroany dia asa efa natomboka kanefa nihantona noho ny «restructuration budgétaire» nataontsika.
Marihana ihany koa fa rehefa manao «restructuration budgétaire» tahaka izao, moramora ny dingana arahina amin'ny fangataham-bola any amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Mamerina «restructuration budgétaire» indray avy eo na dia efa voasoratra ao amin'ny fifanarahana tamin'ny Banky Iraisam-pirenena hoe hanao asa vaovao izay mbola tsy vita tao amin'ny tetikasa PIC3 akory.
Fanampin'izay, ho avy ny tetikasa PIC4, ka amin'ny volana Septambra 2025 izao isika no hanomboka hanao ny «négociation» momba izany. Hampidirina ao anatin'ny tetikasa PIC4 araka ny «négociation» hatao ireto asa manaraka ireto : ny seranan-tsambon'Antsiraka any amin'ny Faritra Analanjirofo; ny seranan-tsambo ao Manakara, Faritra Fito Vinany; ny fanitarana ny seranam-piaramanidin'i Toliara, Faritra Atsimo Andrefana; seranam-piaramanidina ao Tampolo, Faritra Atsimo Andrefana; ny fanamboarana «la marine» any Nosy-Be «Hell-ville». Noho izany, afaka manantena ny rehetra fa amin'ireo tetikasa voalaza teo ireo izay hampidirina amin'ny tetikasa PIC4 dia efa tao anatin'ny fifampiraharahana tamin'ny tetikasa PIC3 avokoa ny «études» hanatanterahana azy.

Eo anatrehan'izany, mangataka fankatoavana avy amin'ny Solombavambahoaka ny hampidirana ny vola mitentina 71 Tapitrisa Dolara mba hanohizana ny tetikasa momba PIC izay nakisaka nanaovana tetikasa hafa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Tsy nisy nanan-kambara intsony taorian'izay dia nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 ny mpivory.

Nomarihany fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana irasam-pirenena toy izao, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna, fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandinihana azy.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, tahaka izao, mbola nomarihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany ; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ; tsy nisy nangataka fanemorana -

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au projet de transformation économique pour une croissance inclusive-3$^{ème}$ phase, conclu le 16 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaharam-potoana manaraka ny fivoriambe dia ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au deuxième financement additionnel au Projet Mionjo «Soutien aux moyens de subsistance résilients dans le Sud de Madagascar», conclu le 24 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» indray ny mpivory.

Niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Filoha, taorian'izay, mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany hatrany, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy 3 Jolay 2025, tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au deuxième financement additionnel au Projet Mionjo «Soutien aux moyens de subsistance résilients dans le Sud de Madagascar», conclu le 24 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)".

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina Lobo
3-RAJAOBELINA Lova Herizo
4-FIAROVANA Lovanirina Célestin
5-RANDRIANASOLO Jean Nicolas
6-RAKOTOARISOA Johnny
7-FIENENA Richard

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Làlana tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-ANDRIANIRINANarcis
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitra Lobo
3-RAZANAMANDIMBISOA Tantely

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory.

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAFIDIMANANA Désiré
2-RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien
3-RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
4-RANDRIANASOLONIAIKO Siteny
5-MARINDRY Andry
6-RAMANANARIVO Handry Orlando
7-RADAFY Thierry
8-RANDRIAMALALA Thony
9-PEPIN Michou
10-RAMILISON Nomenjanahary

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | |
|---|---|
| 1-RAJAOFETRA Andry | DGT |
| 2-RAZAFIMAMONJY Lalatiana | SES/DASC/MDAT |
| 3-RASATARIMANANA José Nirina | RO/PIC |
| 4-RABEMANANJARA Muryelle | MEF/DGT/DDP p.i |
| 5-RANDRIAMANJARA Sandrina | SG/MDAT |
| 6-RASAHAVELO | MEF/SG p.i |
| 7-RASOLONJATOVO Thierry | DirCab/MTP |
| 8-SAMBISOLO Emile Joseph | SG/MTP |
| 9-RASOLONJATOVO Stéphan | RI/CPGU/Primature |
| 10-RATSIMANDRESY Vladimir | RI Adjoint/MIONJO |
| 11-RASOLARIJAON Ruffin | RAF/CPEV/PRRC |
| 12-RAKOTOZAFY Xavier | Coordo/Jirama |
| 13-IHARIMALALA Nina | RGRE/CPGU |
| 14-ANDRIAMAHATRATRA Ando | CSPTND/MDAT |
| 15-RAMASIMBIMALAZA Olivier José | DST/MDAT |
| 16-RAZAFINDRABE Haingo Mbolasoa | MEF/DGT/DDT |

| | |
|---|---|
| 17-RAVOLOLONIRINA Monjaniaina | RH/PIC |
| 18-RABENJAMINA Arnaud | RI/PIC |
| 19-RAFALISON Tovohery Marcellino | SBDTM/MDAT |
| 20-RAKOTOARISOA Voahary | SACDT/MDAT |
| 21-RAMANANDAFY Lova | ING/PCMCI/MTP |
| 22-TSARANIRINA Marc | PCMC/MTP |
| 23-RASAMIMANANTSOA Olivia | MEH/DAF |
| 24-RAZAZANO Hery | CPGLS/PRRC |
| 25-RAKOTOARIVELO Toavina | CPGU/PRRC |
| 26-ANDRIAMIHARINJAKA Jasy | TECH/PCMCI/MTP |
| 27-RATOVO Andriakajasoa Eric | LEAD/MEH |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Ny tetikasa izay tohanan'izao findramam-bola izao dia natao hiadiana amin'ny fahantrana any amin'ny Faritra Atsimon'i Madagasikara, toy ny Faritra Androy, Anosy ary Atsimo Andrefana ho tohin'ny tetikasa « Mionjo I » izay nahitana fahombiazana ny fanatanterahana azy.
Laharam-pahamehana ireo Faritra ireo noho izy ahitana taham-pahantrana ambony indrindra eto Madagasikara.

Natao izao tetikasa izao hiadiana amin'ireo krizy samihafa izay misy any amin'ny Faritra Atsimo, toy ny tsy fanjarian-tsakafo. Natao ihany koa mba hisitrahan'ny tanora sy ny vehivavy ny tombontsoa azo avy amin'ny fotodrafitrasa ifotony.

Ahitana singa miisa 5 ny tetikasa :
- « Composante 1 : Renforcement des administrations locales, de la planification participative et de la résilience sociale »;
- « Composante 2 : Infrastructures résilientes»;
- « Composante 3 : Soutient des moyens de subsistance résilients»;
- « Composante 4 : Appui à la mise en œuvre et acquisition de connaissances».
- « Composante 5 : Composante d'intervention d'urgence conditionelle».

Mitentina 54 Tapitrisa Dolara Amerikana ny vola hindramina. Averina ao anatin'ny 50 taona ny vola ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny « Commission d'engagement » dia 0.5%.
Ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany no misahana ny tetikasa.

Taorian'ny fametrahana fanontaniana sy valiny dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2025 tamin'ny 2 jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au deuxième financement additionnel au Projet Mionjo «Soutien aux moyens de subsistance résilients dans le Sud de Madagascar», conclu le 24 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nanana fanitsiana mikasika izany ny Solombavambahoaka rehefa nomena fitenenana.

Nomena fitenenana kosa ny solotenan'ny Governemanta, taorian'izay, mba hanaovany fanamarihana ka Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ihany no nandray izany.
Nambarany fa ao amin'ny pejy faha-3, misy teny mivadika tokony hahitsy amin'ny asan-dRamatoa RAZAFINDRABE Haingo Mbolasoa, amin'ny hoe MEF/DGT/DDT. Amin'io andraikitra io, MEF/DGT/DDP no izy.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana hatrany Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mba hanazavany ny Volavolan-dalàna.

Nambarany fa fankatoavana ny findramam-bola azontsika tamin'ny Banky Iraisam-pirenena mitentina 54 Tapitrisa Dolara Amerikana no votoatin'ny Volavolan-dalàna.
Findramam-bola fanampiny harotsaka ao amin'ny famatsiana ny tetikasa Mionjo izay efa nisy hatramin'izay koa no antony nanaovana ny findramana.

Ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa, hisy ny fanatsarana ny fotodrafitrasa isan-karazany entina hiadiana amin'ny fahantrana any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana, Faritra Androy ary ny Faritra Anosy. Ao koa ny fanatsarana ny fitantanana eo anivon'ny Vondrom-bahoaka any amin'ireo Faritra ireo mba hialana amin'ny tsy fanjarian-tasakafo.

Nanamarika koa Ramatoa Minisitra, fa tetikasa anisany nahomby izy ity tamin'ireo tetikasa novatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola.
Notanisainy tamin'izany ny zava-bita tamin'ny alàlan'ny tetikasa ka anisan'izany ny fanamboarana sekoly miisa 237, fanamboarana CSB miisa 71, fanamboarana biraon'ny Kaominina miisa 102. Mbola nahafahana nanome « subvention » mitentina 15 000 Dolara isaky ny Kaominina amin'ireo Faritra voatanisa etsy ambony ihany koa ny tetikasa. Afaka nanao fampidirana rano fisotro madio sy nametraka «éclairage public» miisa 14 ary namboatra «gare routière» sy toerana fanaovana fanatanjahan-tena tany amin'ireo Faritra ireo.

Ankoaran'izay, mbola nanome fitaovana ho an'ny Kaominina miisa 235, tahaka ny «panneau solaire», fitaovana ilaina amin'ny «informatique», ny finday, ny «connexion internet» ary nanaovana fanavaozana ny Biraon'ny Prefektora sy ny Lehiben'ny Distrika ihany koa.
Nisy velaran-tany mahatratra 3 500ha voatondraka ary nampiasa tokantrano miisa hatrany amin'ny 1670 ny tetikasa. Izany hoe, maro ny olona misitraka ny tetikasa ka izay no mahatonga ny filazana fa anisan'ny nahomby ny fampiharana azy.

Maro ny asa vita tamin'ity tetikasa ity, ka raha misy fanontaniana tiana hapetraka, mivory miaraka amintsika eto ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany izay mitantanana ny fampiasana ny vola ka azo apetraka aminy izany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 ny mpivory.

Nomarihany fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ami'ny fifanarahana irasaim-pirenena tahaka izao, tsy azo kitihina ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy. Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao koa dia ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany ; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ; tsy nisy nangataka fanemorana -

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au deuxième financement additionnel au Projet Mionjo «Soutien aux moyens de subsistance résilients dans le Sud de Madagascar», conclu le 24 Juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de développement de l'Accès à l'Electricité à Moindre Coût (LEAD), conclu le 01 juillet 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) » ny mpivory.
Taorian'izay, niroso tamin'ny famakiana ny tatitra, ka
Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina célestin no nanatanteraka izany, rehefa niangavian'Andriamatoa Filoha hanao izany, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Alakamisy 3 Jolay 2025, tamin'ny 4 ora sy sasany, hariva, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de développement de l'Accès à l'Electricité à Moindre Coût (LEAD), conclu le 01 juillet 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)".

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina Lobo
3-RAJAOBELINA Lova Herizo
4-FIAROVANA Lovanirina Célestin
5-RANDRIANASOLO Jean Nicolas
6-RAKOTOARISOA Johnny
7-FIENENA Richard

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Làlana tonga nanatrika ny fivoriana.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-ANDRIANIRINANarcis
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitra Lobo
3-RAZANAMANDIMBISOA Tantely

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAFIDIMANANA Désiré
2-RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien
3-RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
4-RANDRIANASOLONIAIKO Siteny
5-MARINDRY Andry
6-RAMANANARIVO Handry Orlando
7-RADAFY Thierry
8-RANDRIAMALALA Thony
9-PEPIN Michou
10-RAMILISON Nomenjanahary

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | |
|---|---|
| 1-RAJAOFETRA Andry | DGT |
| 2-RAZAFIMAMONJY Lalatiana | SES/DASC/MDAT |
| 3-RASATARIMANANA José Nirina | RO/PIC |
| 4-RABEMANANJARA Muryelle | MEF/DGT/DDP p.i |
| 5-RANDRIAMANJARA Sandrina | SG/MDAT |
| 6-RASAHAVELO | MEF/SG p.i |
| 7-RASOLONJATOVO Thierry | DirCab/MTP |
| 8-SAMBISOLO Emile Joseph | SG/MTP |
| 9-RASOLONJATOVO Stéphan | RI/CPGU/Primature |
| 10-RATSIMANDRESY Vladimir | RI Adjoint/MIONJO |
| 11-RASOLARIJAON Ruffin | RAF/CPEV/PRRC |

| | |
|---|---|
| 12-RAKOTOZAFY Xavier | Coordo/Jirama |
| 13-IHARIMALALA Nina | RGRE/CPGU |
| 14-ANDRIAMAHATRATRA Ando | CSPTND/MDAT |
| 15-RAMASIMBIMALAZA Olivier José | DST/MDAT |
| 16-RAZAFINDRABE Haingo Mbolasoa | MEF/DGT/DDT |
| 17-RAVOLOLONIRINA Monjaniaina | RH/PIC |
| 18-RABENJAMINA Arnaud | RI/PIC |
| 19-RAFALISON Tovohery Marcellino | SBDTM/MDAT |
| 20-RAKOTOARISOA Voahary | SACDT/MDAT |
| 21-RAMANANDAFY Lova | ING/PCMCI/MTP |
| 22-TSARANIRINA Marc | PCMC/MTP |
| 23-RASAMIMANANTSOA Olivia | MEH/DAF |
| 24-RAZAZANO Hery | CPGLS/PRRC |
| 25-RAKOTOARIVELO Toavina | CPGU/PRRC |
| 26-ANDRIAMIHARINJAKA Jasy | TECH/PCMCI/MTP |
| 27-RATOVO Andriakajasoa Eric | LEAD/MEH |
| 28-ANDRIANAIVOHERY Florence | Dircab/MEF |
| 29-ANDRIANANTENAINA Stéphanie | SPCAB/MEF |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Ny tanjon'ny Tetikasa dia ny hisitrahan'ireo tokantrano, orinasa ary tobim-pahasalamana manerana an'i Madagasikara herinaratra. Tafiditra ao anatin'ny Politikam-panjakana amin'ny fisitrahan'ny vahoaka Malagasy jiro mora izao tetikasa izao.

Natao ity findramam-bola ity ho tohin'ny tetikasa izay efa natao teo aloha amin'ny maha "financement additionnel" azy. Ny tanjona amin'izany dia ny hahatratrarana "branchement mora" miisa 195 000.

Ahitana singa miisa 3 ny Tetikasa:
- « Composante 1 : Electrification sur réseau» ;
-« Composante 2 : Electrification hors réseau» ;
-« Composante 3 : Assistance technique et appui à la mise en œuvre de projet».

Mitentina 11 Tapitrisa Dolara Amerikana ny findramam-bola. Averina ao anatin'ny 50 taona ny vola ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny « Commission d'engagement » dia 0.5%. Ny Minisitera misahana ny Angovo no miandraikitra ny tetikasa. Ny "Association Internationale de Développement (IDA)" no mamatsy ny tetikasa.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2025 “autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de développement de l'Accès à l'Electricité à Moindre Coût (LEAD), conclu le 01 juillet 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 15 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory.

Nanamarika Andriamatoa HANOGNONA Hervé, fa hatramin'ny nanombohana nandinihana ny Volavolan-dalàna rehetra dia hadino foana ny anarany, ka tokony hisy ihany fanamarinana momba izany.

Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis kosa nangataka ny hanovàna ny anarany. ANDRIANIRAINA no voasoratra ao amin'ny tatitra fa ANDRIANIRINA no marina.

Andriamatoa RAZAKAMANANA André, kosa nanamarina fa tsy hita tao amin'ny tatitra ny anarany, kanefa anisan'ny nivory tamin'ny asam-baomiera nandinihana ny Volavolan-dalàna ny tenany. Noho izany, tokony hisoratra ao amin'ny tatitra ny anarany.
Ny fanamarihana ny tatitra nataon-dRamatoa Minisitra kosa dia mitovy tamin'ny teo aloha, mikasika ny asan-dRamatoa RAZAFINDRABE Haingo, MEF/DGT/DDP » no marina fa tsy « DDT » araka ny nolazaina teo.
Manarak'izany, ny anaran'ny Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Angovo koa tsy tafiditra ao amin'ny tatitra kanefa nivory ny tenany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny votoatin'ny Volavolan-dalàna izao, ka nomeny fitenenana Ramatoa Minisitra hamelabelarany momba izany.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RABARINIRINASON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nambarany fa ity volavolan-dalàna angatahana fankatoavana avy amin'ny Antenimierampierenena ity dia mikasika findramam-bola atao amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Ao anatin'izany dia tetikasa fisitrahana angovo amin'ny vidiny mirary na ny antsoina hoe « Projet Lead». Marihana fa efa misy io tetikasa io amin'izao fotoana izao.

Vola mitentina 150 Tapitrisa Dolara no nindramina tany ampiandohana, saingy niampy 11 Tapitrisa Dolara izany amin'izao fotoana izao ary mitovy ihany ny zavatra hotanterahina amin'ny tetikasa, toy ny fampitomboana ny isan'ny olona tokony hisitraka herinaratra eto amintsika, ny orinasa sy ny tobim-pahasalamana koa toarak'izany. Ohatra mikasika ity voalaza farany teo, CSB miisa 500 no izay hisitraka fahazoana herinatra amin'ny alàlan'ity tetikasa ity.

Marihana fa maro koa ny asa hotanterahin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitananambola amin'ity tetikasa ity, ka anisan'ny hisitraka izany ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany. Iarahana amin'ny JIRAMA sy ny « unité de coordination » ao amin'ny Minisitera iadidianay ny tetikasa.

Manatrika ny fivoriana miaraka amintsika eto ny Tale Jeneralin'ny Angovo, ka raha misy fanontanina mety hapetraka aminy, vonona hamaly izany ny tenany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahankevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2025 ny mpivory rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitra tamin'ny fanzavana nataony ny tenany.

Nomarihany koa fa araka ny volazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena tahaka izao, tsy kitihana ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna fa laniana na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.
Mbola ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy Antenimierampirenena no ampiharaina amin'ny fandaniana izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ; tsy nisy nangataka fanemorana -

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet de développement de l'accès à l'Electricité à Moindre Coût (LEAD), conclu le 01 juillet 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ».

Talohan'ny hirosoana amin'ny fandinihina ny Volavolan-dalàna manaraka, nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nambarany fa holanina aloha ny Volavolan-dalàna manaraka ary rehefa miato ny fivoriana vao mivory ny Solombavambahoaka mpikambana amin'ny asam-baomiera voakasik'izany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-013/2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Connecter Madagascar pour une croissance inclusive, conclu le 30 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) » ny mpivory.

Rehefa izany, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra momba izany.
Nanatanteraka izany Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy 3 Jolay 2025 tamin'ny 5 ora sy sasany, hariva, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Asa Vaventy nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-013/2025 "autorisant la ratification de

l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Connecter Madagascar pour une Croissance Inclusive, conclu le 30 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)".

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina Lobo
3-RAJAOBELINA Lova Herizo
4-FIAROVANA Lovanirina Célestin
5-RANDRIANASOLO Jean Nicolas
6-RAKOTOARISOA Johnny
7-FIENENA Richard

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Làlana tonga nanatrika ny fivoriana.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-ANDRIANIRINA Narcis
2-RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitra
3-RAZANAMANDIMBISOA Tantely

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asa Vaventy tonga nanatrika ny fivoriana
Andriamatoa isany,

1-MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssan
2-RAMANANARIVO Handry Orlando
3-RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry
4-RAMILISON Andriamampionona Nomenjanahary

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory.
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAFIDIMANANA Désiré
2-RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien
3-RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
4-RANDRIANASOLONIAIKO Siteny
5-RANDRIAMALALA Thony
6-PEPIN Michou
7-BEFENO Todimanana Hyacinthe

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

| | |
|---|---|
| 1-RAJAOFETRA Andry | DGT |
| 2-RAZAFIMAMONJY Lalatiana | SES/DASC/MDAT |

| | |
|---|---|
| 3-RASATARIMANANA José Nirina | RO/PIC |
| 4-RABEMANANJARA Muryelle | MEF/DGT/DDP p.i |
| 5-RANDRIAMANJARA Sandrina | SG/MDAT |
| 6-RASAHAVELO | MEF/SG p.i |
| 7-RASOLONJATOVO Thierry | DirCab/MTP |
| 8-SAMBISOLO Emile Joseph | SG/MTP |
| 9-RASOLONJATOVO Stéphan | RI/CPGU/Primature |
| 10-RATSIMANDRESY Vladimir | RI Adjoint/MIONJO |
| 11-RASOLARIJAON Ruffin | RAF/CPEV/PRRC |
| 12-RAKOTOZAFY Xavier | Coordo/Jirama |
| 13-IHARIMALALA Nina | RGRE/CPGU |
| 14-ANDRIAMAHATRATRA Ando | CSPTND/MDAT |
| 15-RAMASIMBIMALAZA Olivier José | DST/MDAT |
| 16-RAZAFINDRABE Haingo Mbolasoa | MEF/DGT/DDT |
| 17-RAVOLOLONIRINA Monjaniaina | RH/PIC |
| 18-RABENJAMINA Arnaud | RI/PIC |
| 19-RAFALISON Tovohery Marcellino | SBDTM/MDAT |
| 20-RAKOTOARISOA Voahary | SACDT/MDAT |
| 21-RAMANANDAFY Lova | ING/PCMCI/MTP |
| 22-TSARANIRINA Marc | PCMC/MTP |
| 23-RASAMIMANANTSOA Olivia | MEH/DAF |
| 24-RAZAZANO Hery | CPGLS/PRRC |
| 25-RAKOTOARIVELO Toavina | CPGU/PRRC |
| 26-ANDRIAMIHARINJAKA Jasy | TECH/PCMCI/MTP |
| 27-RATOVO Andriakajasoa Eric | LEAD/MEH |
| 28-ANDRIANAIVOHERY Florence | Dircab/MEF |
| 29-ANDRIANANTENAINA Stéphanie | SPCAB/MEF |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Izao findramam-bola izao dia natao hanohanana ny tetikasa entina mampifandray ireo toerana any amin'ny Faritra Atsimo. Natao ihany koa izao tetikasa izao mba hikajiana ireo làlana any amin'ny tontolo ambanivohitra.
Ny « Association Internationale de Développement » (IDA) no mamatsy ny tetikasa izay mitentina 211,5 Tapitrisa Dolara Amerikana ka mitsinjara toy izao manaraka izao:

- "Crédit A": 130 000 000 USD;
- "Crédit B": 74 000 000 USD;
- "Crédit C": 67 000 000 USD.

Averina ao anatin'ny 38 taona ny vola indramina ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ny tahan-janabola dia 0.1%, ny « commisison d'engagement » dia tsy mihoatran'ny 0.5%, ny « frais de service » dia tsy miohoatran'ny 0.75%.

Ny Minisiteran'ny Asa-vaventy no misahana ny tetikasa. Mifarana ny 30 Jona 2028 ny Tetikasa.

Taorian'ny fanontaniana dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-013/2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Connecter Madagascar pour une Croissance Inclusive, conclu le 30 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)" ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 15 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Nanamarika Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, tamin'ny fandraisany fitenenana fa diso ny anarany ao amin'ny tatitra, ka tokony hahitsy izany.

Tahaka izay koa no nambaran'Andriamatoa HANOGNONA Hervé sy Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis, ka tokony hahitsy avokoa ny naran'izy ireo.

Ny fanamarihana naroso ny solotenan'ny Governemanta kosa dia mikasika ny fahadisoana amin'ny taremarika izay voasoratra ao amin'ny tatitra, ka nangataka ny hanaovana izany an-tsoratra noho hamaroany araka ny efa nolazain-dRamatoa Minisitra tany aloha. Homena ny Mpampakateny izany aorian'ny fivoriana raha mety.

Taorian'izay, nomena fitenenana Ramatoa RABARINIRINASON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hitondra fanazavana mikasika ny Volavolan-dalàna.

Nambarany fa ny Volavolan-dalàna izay angatahana fankatoavana avy amin'ny Antenimierampirenena dia Volavolan-dalàna mikasika ny tetikasa iray antsoina hoe: "PCMPCI". Tetikasa mikasika ny fanamboaran-dàlana na "projet connecter Madagascar", ka mitentina 211,5 Tapitrisa Dolara no vola ho azo amin'ny Banky Iraisam-pirenena mikasika ny hanatanterahana ny tetikasa. Tamin'ny tatitra novakiana teo dia nilaza hoe any Atsimo no hamboarina amin'ny tetikasa. Somary ahitsy kely izay satria, tsy any Atsimo ihany no hamboarina fa ny Faritra rehetra no voakasika ato anatin'ny tetikasa. Ao anatin'izay, misy vola 68 Tapitrisa Dolara hanamboarana "pont modulaire" hiatrehana ny riodoza mety hahazo an'i Madagasikara. Ny 73,500 Tapitrisa kosa hanamboarana an'ireo tetezana simban'ny rivodoza teo aloha, toy ny tetezana any Manambery, tetazana Ifasy ary ny tetezana Mahavavy. Anaovana fanaraha-maso koa ireo asa eo andalam-panamboarana sy ireo mety atahorana ho simba.
Ao anatin'ny tetikasa ihany koa ny hanaovana fandinihana ny resaka "DAO", ny tsenam-baro-panjakana, ny fanarenana ny làlam-pirenena faha-5 izay mampitohy an'i Maroatsetra sy Antalaha mirefy 125 km.

Tafiditra koa ny hanaovana fandinihana ny làlam-pirenena faha-23 A Moramanga-Anosibe An'ala izay mirefy 75 km, ny làlam-pirenena faha-31A mampitohy an'Antsohihy-Analalava izay mirey 71 km.

Misy koa ny fanomanana ny loza fanairana ao anatin'ny tetikasa izay anokanana vola mitentina 60 Tapitrisa Dolara raha sanatria ka misy izany. Efa miomana amin'izany ary ny vola dia azo ampiasaina hatramin'ny faha-30 Jona 2028.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-013/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Connecter Madagascar pour une Croissance Inclusive, conclu le 30 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) » ny mpivory.

Nomarihany fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana irasaim-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao anaty Volavola-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Mbola ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandaniana azy.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 32 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ; tsy nangataka fanemorana -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-013/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Projet Connecter Madagascar pour une Croissance Inclusive, conclu le 30 juin 2025 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) ».

Rehefa izay, nomena fitenenana Ramatoa Minisitra, taorian'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna rehetra narosony.
Raha nandray fitenenana, Ramatoa RABARINIRINASON Rindra Hasimbelo, Minisitry Toekarena sy ny Fitantanam-bola, teny fisaorana amin'ny anaran'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy amin'ny anaran'ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta no nataony ho an'ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana an'ireo Volavolan-dalàna miisa 9 nentina teto amin'ny Antenimierampirenena ireo.

Nomarihany fa ny totalin'ny vola nekena tandroany mba hoentina hampandrosoana an'i Madagasikara dia mahatratra 862 562 000 Dolara. Ezaka lehibe no nataon'ny fitondraham-panjakana tamin'ny ady sisika tamin'ny fangatahana an'ireo vola ireo.
Notsindriany koa fa ankamaroan'ireo vola ireo dia hoentina hanaovana asa fampandrosoana tanteraka an'i Madagasikara ary manentana ny rehetra mba hiara-hisalahy amin'ny fanatanterahana an'ireo tetikasa nahazoana vola ireo.

Fisaorana ny Antenimierampirenena tamin'ny fiaraha-miasa nasehony no namaran-dRamatoa Minisitra ny fitenenany.

Nisaotra an-dRamatoa Minisitra koa, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fisian'ny fiaraha-miasa teo amin'ny roa tonta, taorian'izay.
Tahaka izany koa, fisaorana ny Solombavambahoaka tonga nivory sy nandany an'ireo Volavolan-dalàna natolotry ny Governemanta koa ny tenany satria nifanome tànana ny olom-boafidy tamin'ny fanatanterahana ny fivoriambe.

Rehefa izany, nanambara ihany koa, Andriamatoa Filoha, fa hiato aloha ny fivoriana noho ny fisian'ny asam-baomiera handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-014/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 "relative à l'identité des personnes physiques", ka aorian'ny fahavitan'izany, mitohy indray ny fivoriambe.

Niato tamin'ny 8 ora sy 10 minitra, alina, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 9 ora sy 45 minitra, alina, ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory tafaverina tao amin'ny efitrano fanaovana fivoriambe, Andriamatoa Filoha dia nanambara fanadaharam-potoana manaraka izay handinihina sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-014/2025 tamin'ny 02 jolay 2025 « rélative à l'identité des personnes physiques».

Taorian'izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra mikasika izany.
Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis no nanatanteraka izany ka toy izao no fivakiny :

Nivory ny Alakamisy 3 Jolay 2025 tamin'ny 8 ora, alina, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-014/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « relative à l'identité des personnes physiques ».

Andrimatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Atitany tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
2-MARINDRY Andry
3-HANOGNONA Hervé
4-RANDRIAMALALA Thony
5-PEPIN Michou

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1-RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
2-RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin
3-RAHOLIJAONA Harson
4-ANDRIANIRINA Narcis
5-HANOGNONA Hervé
6-MARINDRY Andry
7-IMBIKI Herilaza

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1-RANDRIANASOLO Jean Nicolas
2-RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
3-RAMANANARIVO Handry Orlando
4-RAMILISON Nomenjanahary
5-RAVELONASY Barthélémy Samuel
6-RAZAFIMANDROSO Virginie née RAZANAJATO
7-RESAMPA Haja André
8-SAMUEL
9-ANDRIAMOSA Avotraina
10-RAJAOBELINA Lova Herizo
11-FIAROVANA Lovanirina Célestin
12-RAFANIAINA Haja Rivolala Elyse
13-RAFIDIMANANA Désiré
14-DINAH Romual
15-JAOZANDRY René

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory;
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | |
|---|---|
| 1-ABRAHAM Rajafetra | MININTER |
| 2-RAHARIMAMPIONONA | MININTER |
| 3-RAKOTONANAHARY Jean Yves | MININTER |
| 4-RANDRIANANAHARY Bodo | PRODIGY |
| 5-RABEFIRINGA Stéphanie | PRODIGY/UGD |
| 6-RAKOTOZAFIARISOA Hasina | PREA/CG |
| 7-RADAFY Volantsinanana | MNDPT |
| 8-MAHERINIRINA Tsiferanarivo | MNDPT |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Izao Volavolan-dalàna izao dia natao hametraka ny rafitra napetraky ny Lalàna na "cadre légale" hanamafisana ny fitsirihana ny mahaolona na ny "système d'identification des personnes physiques".

Laharam-pahamehana ny fidirana amin'izany noho ny fihazakazahan'ny fanatontolona eo amin'ny sehatry ny serasera sy eo amin'ny tontolo ara-ekonomika.

Ahitana Ireto teboka manaraka ireto izao Volavolan-dalàna izao:

- Fanamafisana ny fahafantarana ny mahaolona entina miady amin'ny hosoka mifandraika amin'izany;
- Fametrahana ny fangaraharana eo amin'ny fikirakirana ny antontam-baovao rehetra momba ny mahaolona;
- Fanamafisana ny fahatokisan'ny mpampiasa ireny antontam-baovao ireny amin'ny lafiny ara-panapahan-kevitra;
- Fanatsarana ny fikirakirana ny antontam-baovao mikasika ny mahaolona na ny "gestion de l'identité";
- Fiarovana ny rafitra mahakasika ny fikirakirana ny fitsirihana ny mahaolona na ny "système d'identification des personnes physiques";
- Fanamorana ny fanakalozana vaovao mahakasika ny fitsirihana ny mahaolona sy ny fanamarinana izany;
- Fanazavana bebe kokoa ny sehatra ara-pitantanana mahakasika ireo antontam-baovao.

Ny fanatanterahana izany dia amin'ny alàlan'ny fametrahana ny "système informatisé de gestion de l'identité et institution du registre national d'identité des personnes physiques ».

Ahitana andininy miisa 114 sy toko miisa 8 ny Volavolan-dalàna.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Nasiana fanovàna ny famelabelarana ny antonantony.

**Famelabelarana ny Antonantony:** lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy voalohany:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-2**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-3**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-4**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-5**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-6**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-7**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-8**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-9**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-10**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-11**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-12**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-13**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-14**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-15**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-16**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-17**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy faha-18**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-19**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-20**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-21**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-22**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-23**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-24**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-25**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-26:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-27**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-28**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-29**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-30**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-31**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-32**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-33**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-34**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-35**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-36**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-37**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-38**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-39**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-40**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-41**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-42**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-43**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-44**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-45**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-46**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-47**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-48**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-49**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-50**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-51**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-52**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-53**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-54**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-55**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-56**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-57**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-58**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-59**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-60**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-61**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-62**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-63**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-64**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy faha-65**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-66**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-67**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-68:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-69**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-70**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-71**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-72**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-73**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-74**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-75**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-76**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-77**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-78**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-79**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-80:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-81:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-82**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-83:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-84**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-85**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-86**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-87**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-88**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-89**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-90:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-91**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-92**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-93**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-94**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-95**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-96:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-97:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-98:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-99**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-100**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-101**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-102:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-103**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-104**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-105:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-106**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-107:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-108**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-109**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-110**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-111**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy faha-112**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-113**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
**Andininy faha-114**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nolanianan'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-014-2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « relative à l'identité des personnes physiques » ary hoentina eo fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 9 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**TOVANA**

| **VERSION ORIGINALE** | **VERSION AMENDÉE EN COMMISSION** |
|---|---|
| EXPOSE DES MOTIFS<br>Dans la perspective d'améliorer la gestion de l'identité, la mise en place de cadre légal contribuant au renforcement du système d'identification des personnes physiques est essentielle. En effet, face au contexte de la globalisation, la recherche de la singularité et l'individualité devient laborieux car la technologie ne cesse d'ouvrir des voies à des possibilités infinies de procédés d'identification du moins fiable au plus sécurisés.<br><br>Ainsi, dans cette course effrénée pour la mise en place d'un modèle économique tirant profit des avantages de la recherche et de développement de produits de plus en plus accessibles et réduisant les contraintes spatiales et communicationnelles, la présente loi se veut d'offrir un cadre de gestion répondant à un besoin d'actualité mais surtout de sécurité tant pour l'individu que pour l'Etat. | EXPOSE DES MOTIFS<br>**Dans un monde de plus en plus digitalisé, connecté, prouver son identité de façon sécurisé est de olus6en plus systématique, notamment pour accéder aux services de l'Etat en pleine mutation vers la "Transformation Digitale".**<br><br>**En effet, Dans de nombreuses situations de notre vie quotidienne, l'identité numérique permettra de prouver son identité de façon plus sécurisée. Nous pouvons citer entre autres pour toute demande de situation personnelle auprès des mairies, des actes vous concernent via le portail de la justice, pour accéder à son dossier médical, pour payer ses impôts ou demander une situation fiscale, etc...**<br><br>- LE RESTE SANS CHANGEMENT - |

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis, nambarany fa diso ny anarany, ANDRIANIRINA Narcis no izy, fa lasa ANDRIANIRINA Francis indray no voasoratra, ka aleo ahitsy izany.

Mitovy amin'izay koa no nolazain'Andriamatoa IMBIKI Herilaza, lasa hoe IMBIKY no voasoratra. Tokony ho IMBIKI no soratana amin'ny anarany.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, kosa nanambara fa mila ahitsy koa ny ao amin'ny tovana satria ahitana tsipelina diso. Tahaka izay koa ao amin'ny pejy faharoa.

Rehefa izay, nomena fitenenana Andriamatoa ABRAHAM Rajafetra Setraniaina, avy amin'ny Minisiteran'ny Atitany, namabarany fa misy fanamarihana mikasika ny fanontaniana sy valiny izay tokony hisoratra ato amin'ny tatitra kanefa tsy hita ao izany.
Ao amin'ny pejy voalohany koa misy diso tsipelina, Volavolan-dalàna no tokony ho izy fa Volabolan-dalàna indray no voasoratra, ka aleo ahitsy ihany.

Namaly izany Andriamatoa Filoha, fa tokony ho voasoratra ato amin'ny tatitra tokoa ny fanontaniana sy valiny araka ny nolazain'Andriamatoa ABRAHAM Rajafetra Setraniaina teo, saingy noho ny faharerahana sy ny hateren'ny fotoana dia tsy voasoratra izany. Raha tsy mampaninona ny mpivory, aleo avela amin'izao aloha.

Rehefa izay, nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nambarany fa tena miasa mafy isika Solombavambahoaka, ka efa reraka loatra. Raha misy fahadisoana ohatran'izay, ahitsy arak'izay ihany koa. Raha mety, miangavy ny hirosoana amin'ny tsangantànana mba handaniana ny Volavolan-dalàna.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa misy zavatra tsy azo dinganina, ka homena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hitondra fanazavana mikasika ny Volavolan-dalàna.

Mbola nomena fitenenana, Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, nambarany fa tsy tokony hisy intsony fanazavvana momba ity Volavolan-dalàna ity, satria asam-baomiera tato amin'ny fivoriambe no natao teo ary efa voazava daholo ny mikasika an'ity Volavolan-dalàna ity. Noho izany, aleo miroso amin'ny fandaniana ny mpivory.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy momba ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa 114 ny volavolan-dalàna.

**Famelabelarana ny antonantony**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jerena ny tovana).

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

**Andininy voalohany hatramin'ny andininy faha 9**: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy voalohany hatramin'ny andininy faha-9.

**Andininy faha-10 ka hatramin'ny andininy faha-40**: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-10 ka hatramin'ny andininy faha-40

**Andininy faha-41 ka hatramin'ny andininy faha-62:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-41 ka hatramin'ny andininy faha-62

**Andininy faha-63 ka hatramin'ny andininy faha-71:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-63 ka hatramin'ny andininy faha-71

**Andininy faha-72 ka hatramin'ny andininy faha-93:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-72 ka hatramin'ny andininy faha-93

**Andininy faha-94 ka hatramin'ny andininy faha-96:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-94 ka hatramin'ny andininy faha-96

**Andininy faha-97 ka hatramin'ny andininy faha-103:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-97 ka hatramin'ny andininy faha-103

**Andininy faha-104 ka hatramin'ny andininy faha-114:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-104 ka hatramin'ny andininy faha-114.

Rehefa vita ny fandaniana isan'andininy, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandaniana ankapobeny momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-014/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « rélative à l'identité des personnes physiques» ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-014/2025 tamin'ny 2 Jolay 2025 « rélative à l'identité des personnes physiques».

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, ka Andriamatoa ABRAHAM Rajafetra Setraniaina, avy amin'ny Minisiteran'ny Atitany no nandray izany. Nambarany fa zava-dehibe ho an'ny Firenena sy ho an'ny Tanindrazana tokoa ny fandanian'ny Solombavambahoaka ny Volavolan-dalàna mikasika ny famatarana ny mahaolona ity, satria hiroso amin'ny «réforme d'identité de l'état civil » isika. Koa irariana mba hitondra vokatra tsara ho an'ny Tanindrazana tokoa izao lalàna izao.
Voaray daholo ny fanamarihana natao tamin'ny asam-baomiera, ka deraina ny fitiavan-tanindrazana nasehon'ny olom-boafidy, satria niaritra hatramin'ny 10 ora, alina, mahery ianareo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa rahampitso Zoma 4 jolay 2025, amin'ny 11 ora, atoandro, no hatao ny lanom-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025. Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba ho tonga maro hanatrika izany lanonana izany.

Niato tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**